## Amboasary Atsimo 7
**Fanisana traboina, nivadika ho famonoan'olona**

## ComTIM Ivato 2
**Niatrika fiofanana momba ny fahaiza-mitarika**


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety misoho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Talata 1 martsa 2022 Laharana 1268 Vidiny : **400 Ar**


**Toaka gasy tratra** 3


**Tsy tokony hodorana intsony satria manome angovo koa**


www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto


## Fiainam-pirenena 2
# Mila olon-kendry homeny fahefana ny vahoaka



## Malaza eran-tany 2
# Vaovao farany momba ny adin'i Rosia sy Ukraine






## "Sikilaonina sy skandalina" 3
# Hiteraka krizy ho an'ny fitondrana Rajoelina



## Ady tany any Mampikony sy Port-Bergé 6
# Olona 3000 miafina any an'ala noho ny antsojain'ny Cotona Real Estate



**Jiolahy hafakely** 6

Sigara « cartouches », vatomamy, biscuits, paty,... no angalariny

**Moramanga** 6

Miandahy miambavy ny mpangalatra lalamby

**Daka kely**

Menatra ve lisany ry Boaikely dia hosokafana ihany ny sisintany a !

BEL'AIR AMPANDRANA

# Niatrika fiofanana momba ny fahaiza-mitarika ny ComTIM Ivato

Niatrika fiofanana momba ny fahaiza-mitarika, na leadership, ny ComTIM Ivato avy any amin'ny distrikan'Ambohidratrimo ny sabotsy teo, tetsy Bel'Air Ampandrana, misy ny foiben-toeran'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM). Ireo FOKTIM sy ireo mpikatroka TIM avy amin'ireo fokontany miisa 13 ao amin'ny Kaominina Ivato, no niatrika izany fiofanana izany. Nampiofana Andriamatoa Olivier Randrianarisoa, mpampiofana momba ny fahaiza-mitarika, ao anivon'ny antoko TIM sy ny RMDM (Rodoben'ny Mpanohitra ho an'ny Demokrasia eto Madagasikara). Izao hetsika izao hoy ny filohan'ny ComTIM Ivato, Fano Randrianandrasana dia tafiditra ihany koa amin'ny fameloma-maso ("redynamisation") ny antoko Tim Ivato araka ny toromarika nomen'ny filoha Marc Ravalomanana, nihaona tamin'ny biraon'ny ComTIM Ivato sy ireo olomboafidy ny faran'ny volana janoary 2022 lasa teo. Mijoro ary vonona hatrany handray anjara mavitrika amin'ny raharaham-pirenena ny ComTIM Ivato, sy ireo mpikatroka rehetra eny anivon'ny fokontany, hoy izy.




*Ny fiofanana momba ny fahaiza-mitarika, natrehan'ny ComTIM Ivato, tetsy Bel'Air ny sabotsy teo.*

***Niaina***

Malaza eran-tany

# Vaovao farany momba ny ady eo amin'i Rosia sy Ukraine





*Ny filoha Rosiana Poutine sy ny filohan'i Ukraine Zelensky.*

Raha ny vaovao farany momba ny ady eo amin'i Rosia sy Ukraine, izay malaza eran-tany amin' izao fotoana, miantso ny fitondrana Malagasy hanameloka an'i Rosia koa ny masoivohon'ireo firenena monina sy miasa eto amintsika.

Nivory omaly ny solontenan'ireo firenen-dehibe monina sy miasa eto amintsika dia i Allemagne, Corée Atsimo, Etazonia, Frantsa, Japon, Norvège, Royaume-Uni, Suisse, ny Vondrona Eôrôpena, Tiorkia ary nanolotra ny ministry ny Raharahambahiny Malagasy, Patrick Rajoelina, ny fehin-kevitra iraisana manoloana ny fanafihan'i Rosia an'i Ukraine. Ao anatin'izany, mamporisika an'i Madagasikara izy ireo, hanameloka ny fananihambohitra ataon'i Rosiana, tahaka ny efa nataon'ireo firenena Afrikana hafa toa an'i Gabon, Ghana ary Kenya. Tokony hanatsahatra tsy misy hatakandro ny herisetra sy ny fampidirana ny tafika any Ukranie i Rosia hoy ny fanambarana, satria izao tontolo izao no miara-mizaka ny vokatr'izao ady izao. Hanaraka izay fanambarana nataon'ny firenena vahiny eto amintsika izay ve ny fitondrana Rajoelina? Raha ny valiny dia sarotra inoana izany, satria vao tsy ela izay no tany Rosia ny ministry ny fiarovam-pirenena Malagasy ny jeneraly Rakotonirina Leon Richard, tsy nisy nipika ny diany tany. Midika izany fa tsara ny fifandraisana eo amin'i Madagasikara sy ny any Moscou, ka ho sarotra amin-dRajoelina sy ny forongony ny hanameloka ny Rosiana izany. Mety ho hiantraikan'ny tery vay manta ataon'ny iraisampirenena amin'i Rosia izao koa isika raha izay no zava-misy: kenda ny toekarena Rosiana, kenda koa izy ireo amin'ny fifanakalozana ara-bola iraisam-pirenena, ka ireo firenena hanohana ny any Moscou dia ho tratran' izay tery vay mantan'ny iraisam-pirenena izay koa.

Momba ny raharaha any an-tanim-piadiana kosa eo amin'ny tafiky ny fitondrana any Moscou sy any Kiev, nanao fanambarana tamin'ny fahitalavitra ny mpitondra tenin'ny ministeran'ny fiarovana Rosiana omaly, fa "AFAKA MIALA AN-KALALAHANA AO KIEV IREO SIVILY". Namafisin'ity mpitondra teny ity ihany koa, fa voafehin'izy ireo ny habakabaka ao Ukraine, 5 andro nanombohan'ny fanafihana. Ankoatra izany, nijanona aloha ny tsy fahazoana mivezivezy amin'ny alina na "couvre-feu" tao Kiev manoloana ny hisian'ny fifampiresahana eo amin'ny mpifanandrina. Efa tsy dia naharenesana fipoahana intsony hatramin'ny omaly maraina. Nilaza ny etamazaoron'ny tafika ao Ukraine, fa somary nanalefaka ny daroka baomba nataony i Rosia, saingy mbola mikendry kosa, hamotika ireo faritra stratejika maromaro any Ukraine. Ankilan'izay, nilaza ho efa vonona handray ny fifanantonan'i Rosia sy i Ukraine, tokony ho nanomboka omaly i Bielorosia. Eo anelanelan'ny sisintanin'i Ukraine sy i Bielorosia, no neverina hanaovana izay fifampiresahana amin'i Moscou sy i Kiev izay, ao Gomel, faritra tsy lavitra ny misy an'i Tchernobyl, foibe nokleary nipoaka tamin'ny fotoan'androny. Araka ny vaovao farany dia raikitra izay fifanatonana teo amin'ny Rosiana sy ny Ukrainiana izay, tany amin'ny sisintany iraisan'I Ukraine sy Bielorosia, ka ho hita eon y tohiny.

Omaly tamin'ny 15h GMT, tamin'ny 18h teto Madagasikara koa, no noresahana indray nandritra ny fivoriana maika tsy arapotoanan'ny Firenena Mikambana (ONU) i Rosia. Nandray anjara ireo firenena 193 mpikambana ao amin'ny ONU. Tanjona tao anatin'izany ny hiantsoana ireo firenena mpikambana, mba hanohana ny demokrasia sy ny fiandrianan'i Ukraine ao anatin'izao fanafihan'ny Rosiana izao. Momba ity raharaha ity, nilaza hanampy ara-pitaovampiadiana an'i Ukraine i Alemaina, nampitombo ny tetibola natokana amin'ny fitaovam-piadiana noho izany ny fitondrana any Berlin tarihan'ny chancelier Olaf Scholz. Toy izany koa ny Vondrona Eôrôpena, nilaza ny filoha lefitry ny Vondrona Eôrôpena Josep Borrell, fa hanampy ara-pitaovam-piadiana, sy hanome fanafody an'ny fitondrana any Kiev koa ny any Bruxelles. Tantara mitohy ity adin'ny mpirahalahy tao amin'ny Firaisana Sôvietika teo aloha ity, ka ho harahantsika eo ihany ny ho tohiny, efa nisy na izany na tsy izany ny fifampidinihana omaly.

***Isambilo***

## *Ny Valosoa sy fakafaka*

Fiainam-pirenena


### Mila olon-kendry homeny fahefana ny vahoaka

Hatreto, tsy mbola re nifona tamin'ireo mpampianatra taranjam-panatanjahantena sy ny sehatra hafa ilay olom-boafidy nanao z'inona ny mpampianatra iray, izay niteraka resabe mihitsy tamin'ny haino vaky jery sy ny tambazotran-tserasera sosialy. Ny teny toy ny salaka, ka mamatotra ny tompony, ary avadibadika im-pito ny lela, raha olon-kendry, vao miteny. Tato ho ato maro ireo olom-bofidy na olomboatendry no mamoaka fitenenana hita ho tsy voahevitra ny ho akony. Rehefa mipoitra ny vokany, tsy araky ny nampoiziny, vao mody mitakemotra sy mitady "lalan-kafa". Ho an'iry olom-boafidy, dia tsy noeritreretiny, fa maro amin'ny mponina any amin'ny distrika iandreketany, ao Atsimondrano no tohina ihany koa ary indrindra mahatsiaro ho menatra sy afa-baraka. Tsy endrika toy ireny no andrasany isehon'ny solombavany. Tsy tokony hifona amin'ireo koa ve ny tenany? Ho an'ny maro, tsy tamin'iny tranga iny ihany, no nisian'ny fihetsika nataony, ka nahamenatra ny mponina tao aminy, fa efa nisy tany aloha, raha araka ny filazan'izy ireny. Diso safidy ve izany ny mponina? Ary izy ity ary toa tsy nahavita ny vitan'ny teo alohany akory hatreto, raha ny fanamarihan'ny sasany. Mila mandini-tena lalina ny olompirenena amin'izay olona hofidiany hisolovava azy eo anivon'ny Antenimerampirenena, na ihany koa ny hitondra ny firenena mihitsy.

Mila olon-kendry ny firenena ankehitriny, f'izany no antoka iray hahatafavoahana amin'izao toerana ratsy misy azy izao. Hita miharihary ny fahabangan'izany eo anivon'izao fitondrana izao. Ary n'inona n'inona fanazavana fiarovan-tena, fandoto iray tandroka tsy mahaleo ny fandoto iray siny. Mila fahendrena sy fahamatorana ny fitondrana firenena, tsy ao amin'ny filoha Rajoelina sy ny ekipany mihitsy izany hatreto, lainga tsara lahatra sy fampanantenana poakaty no ataon'izy ireo hatreto amin'ny ankapobeny, mbola maizina tanteraka ny ho avin'ny firenena raha izy ireo no hantenaina. Ny mahafinaritra no mahamaika azy izy ireo, fa izay tena mahasoa ny vahoaka tsy mandady harona. Mbola hafa ihany ny filoha Marc Ravalomanana hoy ny maro, matotra, hentitra, mahay, mahavita ary sahy. Miandry azy ny vahoaka maro an'isa hitondra ny firenena indray. Iaraha-mahalala rahateo fa halabato, no nahalany ny mpitondra amin'izao noho ny resaka "doublons", fa fandeferana no nasehon'i Dada sy ny ekipany, mba tsy hisian'ny korontana tamin'ny taona 2018 sy 2019 ireny. Tsy hisy hanaiky fitaka sy halabato ary ramatahora intsony amin'ny fifidianana ho avy manaraka eo...

***Sôh'son***

PRIERE AU SACRE CŒUR



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.

Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

**Anjatiana R.**

Ny Valosoa sy hadihady

# Mihalavitra ny vahoaka sy ny firenena ny filaminam-piainana

Tsy amin'izao fitondrana izao, no isian'ny fihatsaram-piainan'ny vahoaka malagasy. Miharihary tsara ny zava-misy amin'ny fomba fiasa sy fitondra ny vahoaka manerana ny Nosy, indrindra nanomboka ny taona 2020 no mankaty, sy izao ianjadian'ny vokatry ny loza voajanahary izao. Hita ho tsy mahafehy ny lamina sy ny fitsinjovana ny vahoaka manontolo ny fitondrana Rajoelina. Misy ny voajery tsy miandry ela, misy ny afaka fotoana maromaro vao voatsinjo ary efa lalina ny fahavoazana ao anatin'izay, ary misy adino tanteraka. Izany hatrany no miseho isaky ny toe-javatra mitranga eto amin'ny firenena. Ny fahavoazana lalina vokatr'ireny antony ara-pahasalamana sy antony ara-tontolo iainana ireny dia tsikaritra, fa sahirana ary hita ho tsy tafavoaka ny fitondrana amin'ny fanarenana, indrindra eo amin'ny lafiny fihariam-bahoaka. Efa lasa lavitra ny fidangan'ny sondrobidim-piainana niditra tamin'ny faran'ny taon-dasa iny sy niatrika ny taom-baovao. Nifohafoha volo ny sarambabem-bahoaka niatrika izany, mba hitady rirany amin'izay mba fahafahana manamarika ny fety. Zara fa afaka niaina sy niampita ny taona vaovao, kanefa dia notsenain'ny olana maro hafa nanampy trotraka indray. Mba manao ilay fitondrana ka mba manao, fa tsy mahavaha firy sy hatraiza akory ny olana manjo ny vahoaka malagasy. Maneho tsy fahaiza-mitondra sy mitantana firenena izany n'inona n'inona ambara. Tsy amin'izao fitondrana izao no ho azo antoka ny momba ny filaminan-tsain'ny sarambabem-bahoaka.

Tsy mitsahatra fa misy hatrany ny olana manjo azy eo amin'ny resaka fitompoana tany onenana, sy nanaovana fihariana efa nandritry ny taona maro. Marary an-doha na sahiran-tsaina ny olom-pirenena maro mahita na mandre ny vaovao manjo ireo mpiray tanindrazana izay iharan'ny fibodoana ataona orinasa na mpanefoefo mivatravatra fiavy ary mikasa hanàla azy ireo amin'ny taniny. Na dia mitaraina hatrany ireny vahoaka ireny ary miantso ny fitondrana mba hijery akaiky ny momba ny raharaha, dia hatreto tsy mbola nahenoina teny na kely aza ny filoham-pirenena izay niantefan'ny antsony, mba nilaza ny heviny sy ny fiarovana ireo vahoaka ireo. Niseho hanao izany anefa tany amin'ny fotoanan'ny fampielezankevitra nentiny nandrobohana ny vahoaka hifidy azy. Ankehitriny, tato anatin'ny telo taona izao, tsy hita soritra izany fihetsika izany, fa niady irery mba hanao izay handreseny ny vahoaka. Matetika anefa no miala maina.

Tsy amin'izao fitondrana izao no hiverenan'ireo Nosy malagasy bodoin'ny fitondrana frantsay. Mba miseho ho miady Rajoelina sy ny fitondrany ka miady, fa hita miharihary ny fandrirarirana ataon'ny fitondrana frantsay azy, sy ny hakely endaky ny fitondrana malagasy. Miseho hiady irery mantsy fa tsy mihevitra hiara-dia amin'ny vahoaka noho ny antony kajikajy politikany. Saro-toerana ny vahoaka sy ny firenena, lavitry ny fiainana milamina sy tsara, noho izany rehetra izany.

***Sôh'son***

"SIKILAONINA SY SKANDALINA"

# Hiteraka krizy ho an'ny fitondrana Rajoelina



Maro ireo voambolana vahiny no efa nogasiantsika malagasy ary ampiasaintsika toy ny tenindrazantsika mihintsy toy ny : môtera, masinina, sarety, kamiao, forisety, gitara, pianô, harmônia, sns… fa ankoatr'ireo dia misy koa voambolana vazaha toy ireo voalaza ireo, izay mahazo sehatra eny amin'ny fiarahamonina dia ny krizy izany, tsy miasa saina intsony isika malagasy mitady ny dikan'ny hoe ''crise'' amin' ny teny malagasy, fa tonga dia gasiana tsotr'izao dia samy mahalala ny dikan'io avokoa ny malagasy rehetra mpanaraka ny raharahampirenena.

Fa tamin'iny volana Febroary tapitra omaly iny dia nahazo laka ny voambolana roa nogasiana dia ny siklaonina sy ny skandalina. Misy ny teny hoe rivodoza nandikana ny '' cyclone',' saingy tsy mahamailaka ny vavan'ny malagasy izany, f'ilay siklaonina ihany no mety aminy, ny '' scandale'', indray tsy misy te hiasa saina hitady izay dikanteny malagasy, fa ataony ampy azy ny fahalalana ny hevitr'ilay teny, izay midika ho zava-tsy mety mipoitra hatrany ataon'izao fitondrana Rajoelina izao, dia gasiana tsotsotra koa io hoe skandalina, dia samy mahazo ny rehetra. Nandritra ny volana Febroary dia nisesisesy ny siklaonina nandalo teto amintsika, samy namela takaitra avokoa izy ireny, satria niteraka famoizana aina sy faharavana fotodrafitrasa asa maro, toy ny trano fonenana, sekoly, toeram-pitsaboana, lalana, tetezana, toy izany koa ny voly efa nisasarana tany an-tsaha.

Fa mbola tamin'iny volana Febroary iny koa dia nitranga ireo karazana skandalina isankarazany, ka ireo olon'ny fitondrana no nanao izany, dia ireo ao anatin'ny fahefana mpanantanteraka sy mpanao lalàna.

Nampiaka-peo ny Depiote Rahasimanana Paul Bert: Rossy, namaly ilay vadina minisitra efa mpanao skandalina lava, tsy takona afenina koa ny skandalina nahazo an'Ingahy Minisitry ny Fitsarana, izay niafara tamin' ny fametrahana fialana sy fanagadrana an'i Raissa Razaivola. Ny skandalina mivantana nasehon'Ingahy Depioten'Atsimondrano tamin'ilay mpampianatra taranja fanatanjahantena, ary ny farany teo dia ny skandalina vokatry ny nataon'ireo tompon'andraikitra ambony mandrara ilay Tale mafana fo ao amin'ny ''Bngrc'' tsy hiteny intsony amin'ny Tvm sy Rnm, fa ny tena goavana tsy azo ihodivirana dia ilay tatitra navoakan'ny ''cour des comptes '', izay namoaka amin'ny antsipiriany ny hagaigena nataon'ny fitondrana nanao tantely afa-drakotra ny vola fanampiana tokony ho niatrehana ny aretina koronaviriosy, skandalina hita porofo ireny, satria miteny ho azy ny tarehimarika.

Ireo rehetra voalaza ireo dia ampy ilazana fa manjaka ny skandalina vokatry ny ataon'ireo olomboatendry sy olomboafidy miaradia amin'Ingahy Rajoelina, mbola vao volana Martsa isika izao, any amin'ny fiandohan'ny volana April vao ho tapitra ny fotoan'ny siklaonina, ny skandalina indray dia tsy voafetra satria ireo mpitondra dia manao ''vorona azon'adala'', ny fahefana azony, ka mazava ho azy fa tambavy efa fisotron'izy mianakavy ny skandalina, izay mety hitondra siklaonina amin'ny endriny hafa, handrava azy ireo na amin'ny andro ririnina sy fararano aza, anisan'ireny ny fampiasana tsy araka ny tokony ho izy ireo vola tokony ho sitrahan'ny vahoaka.

Diavolan-ko lava, ny lalao mbola ho ela, fa dia ny aina no matezà ahita ny tohiny satria ny karazantsiklaonina sy skandalina bevata misesisesy sy miverimberina no mampisy ny krizy handoro izay nanangana ny afo.

***Ny Valosoa***

facebook NY VALOSOA VAOVAO Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

## Tsy tokony hodorana intsony ny toaka gasy tratra satria manome angôvo



**Heninkaja VH Rakotomanantsoa:** tsy mety nama ity toaka gasy dorana lava ity a ! Mandoro vola ny firenentsika. Angôvo anie ireny e!

**Fisandratana Mirindra :** miombon-kevitra.

**Thouax Dama Mahery :** manary vola!!!!!

**Nirina Lalao Claude :** zà hatramizao tsy azoko dia gaga !

**Bakoliarisoa Andriamiseza:** dia variana isika, inona no Antony andoroana azy tokony hojerena izay mety atao aminy.

**Lairija Rtm:** asa hoe inona lay éthanol éthanol dradradradraina angôvo maintso tadiavina mafy ity @ zalah mahay procédure b ireo. Io anie alcool azo atao ho loharanon'angôvo e!

**Charles Andrianasoavina :** iombonako hevitra tanteraka.

**Tantely Ël Mora-Feno'su :** hombako manana, tokony hitadiavana vahaolana fa misy asa, hery, vola, nihodina tao vao tonga tamin'ireny!

**Stephanie Franker Doudà Rakotomanga :** marina izany.

**Toky Kely :** zà dia gaga hoe nga tsy ho tohanana indray ny vita Malagasy.

**Setra Andriamahazoniaina :** marina loatra ary maro loatra ny ozona azon'ny mpitandro ny filaminana sy ny mpitondra fanjakana zay, tsy azo tsinontsinoavina ny vokatry ny fahalasanan'ny entan'ny tompony ka mety mampikoroso antsika. Hevitra adaladala fa tsy haiko hoe ahoana?

**Ezzen Rakotoarisoa :** marina mihitsy zany !

**Giva Ramanitra :** reska lava be io. Bdb no mivelona amin'io sy andoavana écolage amin'io. Rafanja anefa toa tsy mahita vaha olana hafa hanodinana ny fary ho angôvo... Na tsy manao satria mandray écolage.

**Chantal Rahamelison :** varimbarian'ny lavitra ka tsy mahita ny ambany maso ry zareo.

**Annie Hassan Tanguy:** nefa lay toaka gasy tena ilaina amin'ny ady ami''ny covid.

**Andrianina Joël:** ngah moa tsy hoe ef tsisy bedy intsony,... Sa misy mibahana ny profit an'ny sasany te hanjaka tokana?!

**Bonaventure Rakotosolofo :** io karazan'ny alikaola ethanol an'i Mialy Rajoelina izay tsy hita hatramin'izao, maninona raha ireny no hampiasaina amin'ilay fatana izay nokasain'izy ireo hatao.

TONONKALO

## Ry Raiamandreny !

Nankaiza nankaiza ireo raiamandreny ?
Nankaiza nankaiza ireo olon-to teny,
Fa efa mirehitra ny jiro mena,
Milaza fa mihemotra ny firenena !

Manao sain-jaza ireo olo-mitondra,
Ary tena manjaka ny "lohan`ampondra",
Fa sarotra ahitsy, tsy laitra tenenina,
Sady minia toa manao bemarenina !

Zava-tsy maika no tiany hirosoana
Sy ezahiny hatao handaniana fotoana,
Kanefa etsy ankilany iretsy vahoaka,
Efa maina tanteraka, mila hipoaka !

Nankaiza ianareo "fotsy volo amin`ny tany"?
Ny manam-panahy ve variana any ho any ?
Meteza hiseho sy hijoro eto an-dasy
Fa mila mpampihavana ny Malagasy !

Mandifotra loatra ny fitiavantena
Ireo izay mitantana ny firenena,
Ka mila mpanaitra sy mila mpanarina,
Hamerina indray ho amin`ny lalana marina !

Ilaina ianareo re ry raiamandreny,
Tsy hanao tazan-davitra lava eny ho eny.
Na "ara-panahy" io na hoe "ara-tsaina",
Na koa "ara-drazana" raha toa ilaina.

Fa tena efa reraka ny firenena.
Misento, mijaly ary mampahonena,
Ka tena ianareo no hany sisa antenaina
Ho rano mamelona indray ny efa maina !

***DADAN`i ZINA (27-02-22)***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa, Njaka

Solontenan'ny Tanora TIM avy any Diego faritra Diana, nihaona tamin'ny filoha Ravalomanana teny Faravohitra.





Ny avy amin'ny ComTIM Ivato distrikan'Ambohidratrimo, nanaraka fanofanana momba ny fahaiza-mitarika (leadership), teny Bel'Air ny sabotsy teo.













# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

**Lanonana fankasitrahana ny ekipan'ny kaominina Alasora Avaradrano teo amin'ny baolina kitra, laharana faha-2 tamin'ny fiadiana ny ho tompon-dakan'ny distrikan'Avaradrano. Lanonana nokarakarain'ny kaominina, notarihan'ny ben'ny tanàna Jimmy Randriantsoa.**










**Ny faharatsian'ny lalana RN44 mankany Ambatondrazaka, sary nalaina omaly.**









ADY TANY ANY MAMPIKONY SY PORT-BERGÉ

# Olona 3000 miafina any an'ala noho ny antsojain'ny Cotona Real Estate



Isehoana ady tany, ka miantraika amin'ny olona maro amin'izao fotoana any amin'ny distrikan'i Mampikony faritra Sofia, araka ny fanambarana avy amina fikambanana fiarahamonim-pirenena maromaro miaro ny vahoaka amin'ny taniny izay. Fokonolona miisa 3000 mahery no voatery miafina any anaty ala noho izay resaka ady tany izay, olona 39 efa naiditra am-ponja mahakasika ity raharaha ity.

Mponina amin'ny fokontany 10 any amin'ny distrikan'i Mampikony sy Port-Bergé, no miaro ny zony manoloana ny orinasa COTONA Real Estate (vondrona SOCOTA), izay milaza ho nahazo titra teo amin'ny taninin'ny voanjo iray ka manala ireo mponina efa namboly teo hatramin'ny andron'ny fanjanahantany. Tsy omen'ny sampandraharahan'ny fananantany ny Fitsaràna ny taratasy momba ny nahazoan'ny orinasa ny titra. Andriamatoa Filoham-pirenena dia nampanantena ny fokonolona, fa hanome azy ny tany rehefa lany. Nanomboka ny 18 Janoary 2022 teo anefa dia miafina any anaty ala ny ankamaroan'ny olona ao anatin'ny fokontany 10 ao amin'ny distrikan'i Mampikony sy Port- Bergé ireo, izay mampiasa ny tany atao hoe "Lot de colonisation Port Bergé, lot 41": Ampampamena (Kaominina Mampikony 2), Tsimijaly (Kaominina Ambohitoaka – Distrika Mampikony), Ampandroangisa (Kaominina Ambohitoaka – Distrika Mampikony), Tsararivotra (Kaominina Ambohitoaka – Distrika Mampikony), Andranomadio (Kaominina Ankiririky – Distrika Mampikony), Sarodrano (Kaominina Ankiririky – Distrika Mampikony), Antsiraka (Kaominina Ampasimatera – Distrika Mampikony), Antsaronala (Kaominina Amparihibe - Distrika Port-Bergé), Antanakova (Kaominina Port-bergé 2, Distrika Port-Bergé), Ankijanimanga (Kaominina Ambohitoaka - Distrika Mampikony). Voahosihosy ny zo mahaolona. Tao anatin'izay fitsoahana nohon'ny fanenjehana ataon'ny zandary izay dia nisy vehivavy 01 teraka kambana 02 tsy tonga volana (07 volana), efa tafakatra 39 no naiditra amponja vonjy maika, betsaka ny ankizy tsy afaka nianatra fa manaraka ny Raiamandreniny miafina any anaty ala, eo amin'ny fisamborana dia misy ny daroka sy vono atao amin'ireo voasambotra, mba hitoraka ireo namany. Nialohan'izao fitsoahana izao dia nosimbaina ny voly nataon'ireo Fokonolona ireo, nisy ny fahamaizan'ny betsaka tamin'ireo trakitera 07 nalefa nanimba ny voly nataon'ny Fokonolona. Tsy mazava ny fomba nahazoan'ny orinasa COTONA Real Estate ny tany nisoratra tamin'ny voanjo, izay efa nampiasain'ny Fokonolona efa hatramin'ny fanjanahantany.

-Ny fototry ny olana dia ny ady tany misy eo amin'ny Fokonolona ao anatin'ireo fokontany 10 voalaza etsy ambony ireo, amin'ny andaniny, ary ny orinasa "COTONA Real Estate", izay voalaza fa ao anatin'ny vondron'ny orinasan'ny SOCOTA, amin'ny ankilany. Ny tany izay iadivana, manana velarana 2787 hektara, tany ampiandohany dia nisoratra tamin'ny voanjo antsoina hoe Wickert Michel, vita titra tamin'ny andron'ny fanjanahantany. Marihina fa ny Fokonolona teo antoerana sy ny taranany dia nanohy ny fanajariana ny tany na tamin'ny andro mbola naha teo io voanjo io, na izy efa lasa ka hatramin'ny taona 2021 lasa teo.

Teo amin'ny Fokonolona sy ny Orinasa "COTONA Real Estate" dia nisy ny ady nifanaovan'izy ireo teo anivon'ny Fitsarana, tamin'ny ambaratonga rehetra. Ny votoatin'ny ady raha fehezina dia ny eo amin'ny tsy faneken'ny fokonolona ny fahamarinam-potootry ny fomba nahazoan'ny COTONA Real Estate nanoratra aminy ny tany. Raha vakiana ny voalaza ao anatin'ireo "certificats de situation juridique » -n'ireo titre amin'ny anaran'io Orinasa COTONA Real Estate io dia manambara, fa efa lasany ny tany koa niova anarana sy laharana toy ny 990-DT, ny 13-DT ary ny 12-DT. Dia voalaza fa azon'io orinasa io tamin'ny alalan'ny acte laharana 6096, tamin'ny 31/07/2007, ny tany mirefy 297ha 62a 50 sa (TN 990-DT), 290 ha 47 a 50sa (TN 13-DT) sy 219ha 45a 00sa (TN12-DT), izay nalaina tao anatin'ilay tany voalaza ery amboalohany atao hoe "Lot de colonisation Port Bergé, lot 41". Nisy ny fitoriana nataon'ny Fokonolona teo anivon'ny Fitsarana ambaratonga voalohany tao Mampikony nangataka ny fanafoanana ny titra 990-DT, dia namoaka didy savaravina io Fitsarana io ny faha 22/05/2018 (laharana 64 tamin'ny 22/05/2018, ny dossier laharana 21-RG/18), izay nametram-panontaniana ny sampandraharan'ny fananantany sy nandidy azy hanome ny "fond de dossier de mutation initiale et successive de la propriété LOT DE COLONISATION TF 21 et 22-BV". Hatreto anefa dia mbola tsy nomen'ny sampandraharahan'ny fananantany ao Mampikony ny Fitsarana ireo antontan-taratasy ireo, efa ho 04 taona lasa izao.

Ny Fitsarana dia nanome alalana hatrany ny fokonolona hampiasa ny tany. Ankoatran'io ady iray io dia niady hatrany koa ny Fokonolona teo anivon'ny Fitsarana ambaratonga rehetra, mba hanohy hamboly hatrany eo amin'ireo tany izay efa novoleny, manoloana ny fanelingelenana sy fanimbana ny volin'izy ireo ataon'ny solontenan'ity orinasa COTONA Real Estate ity. Efa nanomboka tany amin'ny taona 2012 izany ady izany, ary ny Fitsarana dia nanome alalana hatrany ny fokonolona hamboly ny tany. Ary vao tsy ela fa, ny 07Aprily 2021, dia namoaka didy ny Fitsarana ambony tao Mahajanga, izay mitondra ny laharana faha187, izay manome alalana ny Fokonolona ao Andranomadio, Antsiraka, Tsararivotra, Tsimijaly, Sarodrano, Ampampamena ary ao Ampandroangisa, hanohy hamboly ao amin'ny "LOT DE COLONISATION PORT-BERGE" mandrapahavitan'ny fombafomba fangatahana tany izay efa nataon'izy ireo.

Ny OMC ao amin'i Distrikan'i Mampikony dia tsy nanaraka ny didim-pitsarana, fa naka fanapahankevitra mifanohitra amin' izany, hoy ireo fikambanana maromaro nanao ny fanambarana: Association MMST, AVG: Alliance Voahary Gasy, BIMTT, CAFF Fianarantsoa, Collectif pour la défense des terres malgaches – TANY; CPM: Coalition paysanne de Madagascar; CRAAD-OI; FAFITSIRO; FARM Madagascar; FI.MPA. MI.HI.: Fikambanan'ny mpamboly miray hina ao Mampikony sy Port Bergé; FIFATA: Fikambanana fampivoarana tantsaha; FIFATAM; FIVOI Menabe: Fiharoan'ny Vondron'Olona Ifotony eto Menabe; FTMF; FVTM: Federasionan'ny Vehivavy Tantsaha eto Madagasikara; GTZ: Gny to tsy Mba Zainy; Hetsika Rohy; MSIS; Tatao; NY TANINTSIKA; Observatoara momban'ny tanora; ONG FIANTSO Madagascar; ONG ILONTSERA; ONG Malagasy Youth Education; ONG ODIMA; ONG Ravintsara; ONG TSINJO AINA MAHAJANGA; OSCAR; PSBED; RESEAU SOA (Syndicat des Organisations Agricoles); SAF-FJKM; SEKRIMA: SENDIKA KRISTIANINA MALAGASY; SIF: Sehatra iombonana hoan'ny Fananantany; TAMAMPIRAPI; TI-MG: Transparency International - Initiative Madagascar; TNMF: Tambazotra Nasionaly Mpiantsehatra Fifidianana; TVMA.

*Stefa*

Jiolahy hafakely

## Sigara « cartouches », vatomamy, biscuits, paty,… no angalariny

Jiolahy hafa kely, no tratra tany amin'ny kaominina Behenjy, distrikan'Ambatolampy, faritra Vakinankaratra ny faran'ny herinandro teo. Sigara amin'ny "cartouches" maromaro. Bonbons na vatomamy amin'ny sachets, biscuits amin'ny cartons, paty Spaghettis, izany no angalarin'izy ireo. Ny fomba fanaony: mody mi-commande entana maromaro, mampiditra anaty sakaosy sy gony. "Aloan'ny vadiko eto ireo", hoy izy ireo. Mody apetrany ny entana sasany anaty gony fa ilay anaty sakaosy no lasa, miondrikondrika eo dia manao tari-dositra. Nifanenjehan'ny fokonolona tao an-tsena ary dia voasambotry ny zandary, avy ao amin'ny poste avancé Behenjy ireto andian-jiolahy mpitety mpivarotra ireto. Mpivarotra maromaro no efa lasibatra raha roa no nametraka fitarainana. Tsara ho fantatra, fa dia amin'ny ariary no alain'ireo mpivarotra amin'ny sigara, nefa tadiavin'ny sasany alaina maimaimpoana fotsiny. Efa tena mafy ny fiainana, ka dia miketrika izay hahazoana vola tsy isasarana ny sasany.

*Stefa*



*Ireo mpangalatra sy mpisoloky sarona tany Behenjy.*

Moramanga

## Miandahy miambavy ny mpangalatra vy amin'ny lalamby

Miandahy miambavy koa amin'izao fotoana ny fangalarana vy amin'ny lalamby any Moramanga faritra Alaotra Mangoro. Mpangalatra lalamby 5 mianadahy tao Andasibe, Fanovana , Ambatovola, no saron'ny polisy misahana ny lalamby ny aabotsy lasa teo, rehefa nahazo antso tamin'ny olona tsara sitrapo ny teo anivon'ny "Commissariat Spécial de Police du Chemin de Fer" Moramanga. Avy hatrany dia nahetsika ireo polisy misahana ny lalamby, izay no nahafahana nahatratrarana azy 05 mianadahy ireto, niaraka tamin'ny fiara fitondran'izy ireo ny fonjamby halatra voarainy. Nananambara mazava ny lehiben'ny Kaomiseran'ny polisy misahana ny lalam-by (Chef Commissariat de Police Chemin de Fer) any Moramanga, Ramiandrasoa Andry Tiana, fa tsy hisangy ho an'ireo manimba na mangalatra ireo lalamby ireo. Fantaro hoy ihany ny kaomisera, fa lalam-bahoaka izy io ary miteraka loza raha sanatria ka ho simbaina sy angalarina ireo fonjamby eo aminy. Aorinan'ny famotorona dia hatolotra eny amin'ny fampanoavana izy 5 mianadahy ireto.

*Stefa*



*Santinonana vy nangalarina tamin'ny lalamby tany Moramanga.*

# Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE 19/02/2022 hatramin'ny 26/02/2022**

- **ANKAZOMANGA** ( Ankazomanga) 020 23 302 68/032 12 714 17/034 12 714 17
- **MAEVASOA** (Enceinte immeuble Castello Anosizato) 034 39 186 69
- **ANKAZOTOKANA** (‡ 600m Jumbo score vers Ambanidia) 020 22 354 42
- **RAZAFIMANDRANTO** (Analakely en face esplanade pavillons) 020 22 234 04
- **FANOMEZANTSOA** (Ambondrona) 020 22 286 85

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange :032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro
Vidiny: 300 Ar
Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo

TALEN'NY FAMOAHANA :
Rahelisoa A.
034 79 07600

MPANAO GAZETY

Politika:
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

Toe-karena :
Aly : 033 18 382 88

Kolontsaina:
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

Fanatanjahantena:
Lita: 033 41 557 69

Mailaka:
gvalosoa@yahoo.com
NATONTAN'NY
Imprimerie de la RN7

Fametrahana 1268-03-2022
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

AMBOASARY ATSIMO

# Fanisana traboina, nivadika ho famonoan'olona

Manjaka sy miseho lany amin'izao fotoana ny tsy fandriampahalemana any amin'ny distrikan'Amboasary Atsimo, faritra Anôsy. Tranga ny herinandro teo, fanisana traboina nivadika ho famonoana olona. Ankoatra izay, ny jiron'ny Jirama tsy mandeha ihany koa dia mampirongatra ny herisetra, sy asan-jiolahy any an-toerana. Nisy ny raharaha famonoana an'i Tirisoa Berthin Claude antosina hoe Tirike Amboasary ny herinandro teo io. Raim-pianakaviana mbola tovolahy herotrerony i Tirisoa, 42 taona, monina ao amin'ny fokontany Tanambao. Mipetraka somary mihataka ny tanàna'Amboasary Atsimo izy mivady, manamorona ny reniranon'i Mandrare.
Taorian'ny fandalovan'ny rivodoza EMNATI dia betsaka ireo trano simba, nisy ireo fianakaviana sahirana "traboina", ka ny vadiny izay efa mpiasan'ny tetik'asa ACF, no voatendrin'ny solontenam-panjakana tany an-toerana hanao ny FANISANA IREO TRABOINA HOMENA FANAMPIANA avy amin'ny fanjakana amin'ny alalan'ny mason-tsivana sy ny lamina napetraka ao amin'ny fokontany Tanambao izay itoeran'izy mivady ireo.
Natomboka io asa io, izay niainga tamin'ny fanadihadiana sy fidinana ifotony. Tao anatin'izay anefa no nisy andian'olona nanao teny fandrahonana sy nila ady tamin'izy mivady. Nitohy ihany ny asa fanoratana lisitra ireo ho mpahazo tombotsoa avy amin'ny Fanjakana. Nitaky ireto andian'olona ireto, mba hampidirina anaty listra kanefa izy ireo sady tsy tra-boina no tsy mponina ao amin'ilay fokontany anaovana fanadihadiana.
Nipaika ny tamin'ny 2 ora maraina, ny alin'ny zomà teo hifoha sabotsy, injao andian-jiolahy mirongo fiadiana no niditra ankeriny tao an-tranon'izy mivady. Somary mihataka kely ny ivon-tanàna no misy azy ireo; kapa famaky, fira antsy, tsindrona lefona no nitsena ity raim-pianakaviana ity avy tao anaty torimaso. Niezaka nanohitra i Tirisoa ary misy roa tamin'ireo mpanafika no naratra teo amin'ny lohany sy teo amin'ny tongony. Rehefa hitan'ireto jiolahy ireto fa nanohitra izy dia nampiasa basy ireto farany ka nitifitra azy teo amin'ny fony, ka lavo ity farany.
Iny poa-basy iny no nanaitra ny manodidina, ka velona ny "hazolava". Nifanaretsaka ny fokonolona saingy tsy nisy sahy nivoaka satria maizin-kitroka ny alina. Tsy nisy koa hazavam-bahoaka na eclairage publique, satria efa am-bolana vitsivitsy ny JIRAMA any an-toerana no simba.
Marainan'ny sabotsy: nisy andian'olona nampiahiahy tao amina fiangonana zandriny anankiray tao Amboasary Atsimo. Ny mpiambina dia ahiana ho nifandray tendro tamin'ny olon-dratsy. Nisy nahatsikaritra fa misy olona maratra mafy ao, ka rehefa nozahan'ny mpiray tanàna dia akory ny hatairana fa olona maratra mafy eo amin'ny lohany no tazonin'ity mpiambina an-dry pasitera ity. Rehefa nohadihadiana izy dia nilaza fa "notafihin'ny dahalo" alina hono. Araka ny fitantaran'ny vadin'ny maty anefa izay nanome famantarana araka endrika, fa misy itovizana amin'ireo jiolahy "malaso" nanafika alina ity miafina ao am-piangonana ity. Rehefa nohadihadian'ny mpitandro filaminana ity farany dia NIAIKY FA IZY IREO NO NAMONO NAHAFATY AN'I TIRISOA ary nanondro ireo namany efatra (04) hafa, sy ny toerana iereny, izay any amin'ny fokontany VOHIBASIA fonenan'izy ireo izay eny am-pitan-drano Mandrare no misy azy, eny an-dafy andrefana. Nambarany koa fa any ilay basy izay nampiasain'ilay ZANAKA SEFO FOKONTANY NAMONOANA AN'i TIRISOA. Rehefa nohadihadian'ny mpitandro filaminana ity farany dia nanambara fa AN'NY SEFO FOKONTANY ILAY BASY.
Nanomboka ny fisamborana ireo nahavanon-doza rehetra ka 04 amin'izy 05 lahy no efa tratra, fa ny iray kosa mbola karohina fatratra.
Nanomboka ny alahady maraina tamin'ny 10 ora no nilahatra an-dalambe ny havan'ny maty, notronin'ireo vahoaka an'arivony avy ao Amboasary. Nizotra nankany amin'ny Lapan'ny Tanànan'Amboasary. Efa niatrana teo ireo mpitandro filaminana sy ny OMC, izay nahitana an'Andriamatoa isany Ny LEHIBEN'NY DISTRIKA, NY KOMANDIN'NY ZANDARMARIAM-PIRENENA, NY KOMANDY MIARAMILAN'NY VONDRONTAFIKA 519, NY KOMISERA TALEN'NY FILAMINAM-BAHOAKA, NY BEN'NY TANANA, NY SOLONTENAN'NY SOLOMBAVAM-BAHOAKA. Naharitra ora iray mahery ny fifampidinihana teo amin'ny fianakaviana sy ny fanjakana. Nanome fe-potoana 2 ora ny fianakaviana hanomezan'ny fanjakana vahaolana hisian'ny fitoniana, fa raha tsy izany dia "ahiana ny hisian'ny mety ho fitsaram-bahoaka" satria izany no hiakan'ny vahoaka an'arivony tao ivelany tao.



*Ilay raim-pianakaviana lavo tany Amboasary Atsimo.*


Tamin'ny 1 ora tolakandro, tsy mbola tapitra akory ny ULTIMATUM dia nampiantso ny Lehiben'ny OMC, nampahafantatra ny fianakaviana fa efa mandray andraikitra tanteraka ny fanjakana. Nisy fidinana ifotony tany VOHIBASIA fonenan'ireto malaso mpampihorohoro ireto, ka tratra ilay basy ary tratra ihany koa ilay sefo fokontany tompon'ilay basy, no sady rain'ilay malaso nitifitra an'i Tirisoa, miampy ireo jiolahy 4 efa voatazona vonjimaika ao amin'ny Tobin'ny Zandarmaria.
Nampahafantatra ny OMC fa ekena tsy misy fepetra ny fampiharana ny DINA. Efa nanome baiko ny Lehiben'ny Distrika ny fampiharana izany tsy misy hatak'andro, ka naka solontena avy amin'ny fianakaviana hijery ny fampiharana izany. Omby 36 araka ny raki-tsoratra mifehy ny DINA no aloan'ny nahavanon-doza ( izay ilay hoe "TAFARÀ"). Mitohy ny fitorian'ny fianakaviana mana-manjò izay mitondra ny raharaha eo anivon'ny Fitsarana mahefa, izay mbola manamafy, fa mitaky ny sazy faran'ny henjana indrindra amin'ireto malaso ireto.

*Niaina*

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 386**





**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

## TENY MIFANAPAKA N° 386




**Mitsivalana**

**1.** Mpitondra firenena **2.** Hazo maro – Milaza fotoana (miv) **3.** Vahiny – Tofoka (miv) **4.** Tsapaina, ampitoviana – Mampisafidy **5.** Napetraka (miv) **6.** Fanafody (miv) – Naoty (miv) – Eo amin'ny fery (miv) **7.** Fivelomana **8.** Faran'ny valala – Aro moka **9.** Irinay, ilainay – Tampisaka **10.** Hira sy vazo (miv) – Foto-tsakafo

**Mitsangana**

**A.** Loto marobe – Rary vy **B.** Andro – Mpanondro **D.** Hatsiaka – Ala-voly (miv) **E.** Betsaka (BL) – Milaza fananana (miv) **F.** Niakatra (miv) – Ao amin'ny kaki **G.** Mpanakanto gasy **H.** Mamarana ny lalanao – Zanak'i Dada – Faran-teny **I.** Tampisaka – Nivelona **J.** Fipetrahana (miv) – Hao tsy misy lohany – Mari-bola **K.** Haingo mariazy (miv) – Sahala

### Valiny Teny Tondro (0385)

**Mitsivalana**
- Toriteny
- Avo – SN
- Nianatr(a)
- Pirina
- Elo – AN
- Lolo – Ako
- Omby

**Mitsangana**
- Tantely
- Ovy – Lo
- Roapolo
- Ny – OM
- Tsara
- Entiny
- RN
- Fy (miv) – Rova (miv)

### Valiny Teny mifanaraka 0385

**Mitsivalana**

1.Mandà - Foza (miv) 2. Efaina 3. Naina - Ana 4. Ak(o) - Anana 5. Ray - Nikalo (miv) 6. Nafarana 7. Anao - Fe (miv) 8. Aizat? - Taona 9. Nivory - Ma (miv) 10. Vy - Mitafa (miv)

**Mitsangana**

A Menarana B. Afaka - Iny D. Nay - Izany (miv) E. Dina - Avana (miv) F. Ana - Afo (miv) - Fo (miv) G. Alaotra H. Rana (miv) - Tia (miv) I. Zanaka J. Manenina (miv) K. Fy - Mafana (miv)

## NY TENY FIAINANA

*"Ary ho fantatr'izao fiangonana rehetra izao fa tsy sabatra sy lefona no amonjen'i Jehovah; fa an'i Jehovah ny ady, ary hanolotra anareo ho eo an-tananay Izy".*
***I Samoela 17:47***

TSIPY KANETIBE

# Hanokatra ny taom-pilalaovana 2022 ny FSBM ny 5 martsa izao



*Tsipy kanetibe FSBM.*

Misokatra ho an'ny rehetra ny fandraisana anjara amin' ny "Ouverture de saison 2022", eo amin'ny taranja tsipy kanetibe, izay ho karakarain'ny Federasiôna: « Federation Sport Boules Malagasy » eny amin'ny Boulodrôme Fitaratra eny Tongarivo Tanjombato, amin'ny sabotsy 5 sy amin'ny alahady 6 martsa 2022 ho avy izao . Mialohan'ny tena fifaninanana natokana ho an'ny olon-telo miaraka lehilahy, olon-telo miaraka vehivavy, olon-telo miaraka vétérans ary olon-telo miaraka juniors dia hisy ny kabary ôfisialy hifandimbiasan'ireo manampahefana voaasa hanomboka amin'ny 9 ora maraina. Any amin'ny 10 ora maraina any ho any kosa ny fanaovana ny « Lancement de bouchon » voalohany amin'izany.

Ny fara- fisoratana anarana amin'ity fifaninanana ity dia ny sabotsy 5 martsa amin'ny 8 ora sy sasany maraina.

-Ny voalohany eo amin'ny sokajy seniors homes, izay handoa mise 30.000 Ar isaky ny ekipa dia hahazo amboara lehibe sy lelavola mitentina 1.000.000 Ar. Ny mitana ny laharana faha-2 kosa dia ho tolorana lelavola 500.000 Ar, ary ny mitana ny laharana faha-3 sy faha-4 dia samy hahazo lelavola 200.000 Ar isaky ny ekipa avy.

-Ireo voalohany eo amin' ny sokajy "seniors dames" sy sokajy "veterans" ary sokajy "juniors", izay samy handoa mise 20.000 Ar isan'ekipa kosa dia ho tolorana amboara lehibe sy lelavola 300.000 Ar avy. Ireo ekipa mitana ny laharana faharoa kosa dia hahazo lelavola 100.000 Ar isaky ny ekipa ary ireo hitana ny laharana faha-3 sy faha-4 dia ho tolorana 50.000 Ar tsirairay avy.

**Rainilita**

Orange Pro League 2021/2022 – Andro faha-10

# Ny Fosa Juniors Fc Boeny no tafita voalohany hiatrika ny PLAYOFFS

Ny ekipan'ny Fosa Juniors Fc Boeny, no ekipa voalohany tafita hiatrika ny «Playoffs », eo amin'ny fifaninanana baolina kitra 'Orange Pro League 2021/2022", taorian'ny vokatra azony tamin'ny andro faha-10 amin'ity fifaninanana ity, izay tontosa tamin'ny faran'ny herinandro teo.

Ireto aloha ireo vokadalao andro faha-10 : Ajesaia 2-1 As Fanalamanga, Fosa Juniors Fc 3-0 Tia Kitra, Uscafoot 1-1 Five Fc, Cosfa 0-0 Jet Kintana, A. Dato Fc 0-0 Elgeco Plus, Mama Fca 0-0 Zanakala Fc.

Tsy tontosa kosa, fa haverina amin'ny fotoana manaraka ny lalao tokony ho nifanandrinan'ny Disciples Fc sy ny 3 Fb Toliara tany Antsirabe, sy ny fihaonan'ny Jfc Toliara sy ny Cffa tokony ho natao tany Toliara.

Filaharana vonjimaika taorianan'io andro faha-10 io :

"Conférence Nord" : mbola mitarika an'isa vonjimaika hatrany ny Fosa Juniors Fc, izay ekipa voalohany hiatrika ny «Playoffs », manana isa 26 (+17), arahan'ny Cosfa isa 16 (+2) sy ny Asa Fanalamanga isa 14 (+1).

"Conférence Sud" : mitarika an'isa vonjimaika miaraka samy manana 17 ny Elgeco Plus 17 (+5) sy



*Ny saina fanevan'ny Fosa Juniors Fc Boeny.*

ny Cffa 17 (+6), arahin'ny Disciples Fc isa 15 (+6).

Fantaro kosa ireo fandaharan-dalao an'ireo lalao tara rehetra :

-Alarobia 2 martsa etsy amin'ny By-Pass Antananarivo: amin'ny 12:00 : Disciples FC vs 3FB Toliara (match N°76).

-Alahady 6 martsa etsy amin'ny By-Pass Antananarivo amin'ny 14:30 : Elgeco Plus vs 3FB Toliara (match N°55).

- Alarobia 16 martsa any amin'ny kianja "Stade Maître Kira Toliara": amin' ny 13:00 : JFC Toliara vs CFFA (match N°77) : JFC Toliara vs CFFA (match N°77).

-Alarobia 16 martsa any amin'ny kianja "Stade Maître Kira Toliara" amin' ny 15:00 : 3FB Toliara vs Zanakala (match N°47).

-Alarobia 23 martsa any amin'ny kianja « Stade Maître Kira Toliara » amin'ny 15 :00 : 3FB Toliara vs Elgeco Plus (match N°87).

**Rainilita**

Judo Malagasy

# Nisy « examens de passage de grades » 1er sy 2è ary 3è Dan



*Mpikatroka Judo Malagasy.*

Nisy ny « examens de passage de grades 1er sy 2è ary 3è Dan », ho an'ireo Judokas avy amina ligin'ny Judo samihafa (Atsimo Andrefana, Atsimo Atsinanana, Atsinanana, Analamanga), namapanaovin'ny «Commission Nationale de Grade » eo anivon'ny FMJ « Federation Malagasy de Judo), natao teny amin'ny MJIF « Madagascar Judo Institut Faravohitra » tamin'ny zoma 25 febroary 2022 lasa teo, ka ny "Katas" sy "expressions techniques", no nanadinana an'ireo mpiadina tamin'izany. Ny valin'izany fanadinana izany dia havoaka ôfisialy eny anivon'ireo ligin'ny judo rehetra afaka iray volana eo ho eo.

**Rainilita**

## Sakafo Ny Valosoa



Rona henomby sy anamamy sy angivy indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsy dia tsara mihinana azy matetika kosa ny olona manana tosi-drà avo. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

# Ny soa azo avy amin'ny jirofo, tantely, sakamalaho, kafe, tongolo gasy,…

Ny soa azo avy amin'ny jirofo, tantely, sakamalaho, kafe, tongolo gasy,… izay indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. SILAKA JIROFO : atao ao anatin'ny NIFY MISY LAVAKA, ka manaintaina be.



TANTELY : raha misy karazana RATRA AO ANATY VAVA toy ny fanaviana, ny kaikitra nahazo ny lela na ny ativava, ny hihy, … dia lalaovina ao anaty vava ny tantely vao hatelina.

SAKAMALAHO : raha misy aretin-kozatra, dia tsakotsakoina na kikisana dia arotsaka ao anaty rano mafana misy tantely kely dia sotroina.

KAFE TSOTRA : tsy asiana siramamy na ronono fa sotroina amin'izao, raha misy aretin'an-doha mitarazoka.

TONGOLOGASY : raha misy aretin-tsofina samihafa toy ny manaintaina, maneno, tsy mahare tsara … Asiana bolongana tongologasy lehibebe tsy atahorana hilentika any anaty sofina eo amin'ny ati-sofina. Atsentsina eo mandritra ny ora maromaro mandrapijanon'ilay olana.

VOVON-TSIRA : araraka eo amin'ny HOHO MANAINTAINA na TONGOTRA MANAINTAINA. Avela hipetaka eo. Mety koa raha lomana ao anaty ranon-tsira.

SAKAY MENA : raha misy aretin'ny VANINTAOLANA. Ahosotra eo amin'ilay faritra manaintaina ary ampidirina amin'ny sakafo hanina ihany koa izany sakay mena izany.

## NY VALOSOA sy Mahaliana

# Ny tanànan'i Besalampy any amin'ny kaominina Besalampy, distrikan'i Besalampy faritra Melaky

Ny tanànan'i Besalampy any amin'ny kaominina Besalampy, distrikan'i Besalampy faritra Melaky indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Besalampy ity tanàna ity, iray ao amin'ireo kaominina miisa 6 mandrafitra ny distrikan'i Besalampy. Any andrefan'i Madagasikara no misy azy. Mbola azo lazaina ho iva toerana izy, satria 30 m eo ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Ny lalampirenena voalohany, mampitohy an'Antananarivo ihany koa no mankany Besalampy, saingy mbola ratsy izany lalana izany hatramin'izao. Manakaiky an'i Besalampy no misy ny Valanjavaboahary manokana: Bemarivo sy Maningoza. Mandalo ny tanànan'i Besalampy ny reniranon'i Maningoza. Ny 65% ny mponina any dia mpamboly sy mpiompy. Vokatra any ny vary, ny voanjo, ny voasary, ny raphia. Mpanjono ny 5% ny mponina any Besalampy.

